AKADEMIA MALAGASY
Vaomiera VI : Politikan'ny teny sy ny fomba fanisana

Fivoriana manokana iarahan'ny Foiben'ny Akademia Malagasy sy ny Komitim-paritra
Fiadidiana, Oniversiten'i Toliara
Le coquillage, Toliara
Alatsinainy 17 Jona 2019 amin'ny 10 ora maraina

**Soridalana momba ny Politikan'ny teny**

Irène Rabenoro
Mpikambana Mahefa, Akademia Malagasy
Professeure titulaire, Oniversiten'Antananarivo
Mpiara-mandrindra ny Vaomiera VI amin'Atoa Ranjatohery Harilala

**Tolo-kevitra ho fandalinana ny momba ny politikan'ny teny**
**Nankatoavin'ny Akademia Malagasy iray manontolo (Foibe sy Komitim-paritra)**

**1° Momba ny teny malagasy**

Takin'ny maha teny ofisialy[1] ny teny malagasy eto Madagasikara ireto tanisaina ireto:

- Fampahefana ny teny malagasy;
- Fanatevenana ny teny malagasy amin'ny alalan'ny:
  - ➢ Fampiasana ireo voambolana avy amin'ny fitenim-paritra[2] manerana ny nosy
  - ➢ Famoronana voambolana miainga avy amin'ny teny malagasy
  - ➢ Findramana ireo voambolana avy amin'ny teny vahiny nogasiana eo amin'ny fanononana sy fanoratra, hifanaraka amin'ny fitsipika amam-panononana ny teny malagasy;
- Fampiasana ny teny malagasy amin'ny sehatra rehetra eto amin'ny firenena;
- Fandalinana, fanamafisana ary fampianarana ny gramera malagasy ahaizan'ny mpianatra mampiasa ny teny malagasy fenitra sy ahaizany misaina sy miserasera;

[1] Araka ny lalam-panorenana manan-kery ankehitriny, dia ny teny malagasy sy ny teny frantsay no teny ofisialy eto Madagasikara.

[2] Toy ny teny rehetra eran'izao tontolo izao, na dia tokana aza ny teny malagasy dia misy fiteny araka ny faritra ampiasana azy na araka ny sokajin'olona mampiasa azy. Izany no antony ampiasan'ny « sociolinguistique » ny hoe "fitenim-paritra" (variété géographique ou dialecte géographique) sy « fiteny sosialy » (variété sociale ou dialecte social).

- Fanamafisana ny fanentanana amin'ny fanajana ny gramera malagasy;
- Fampiasana ny teny malagasy (hary fenitra) eo amin'ny sehatry ny fampianarana sy ny fanabeazana, amin'ny maha teny enti-mampianatra sy ianarana azy, izay mitaky:
  - Fanavaozana ny votoatim-pampianarana sy fomba fampianarana ny teny malagasy;
  - Fanofanana mitohy ny mpampianatra teny malagasy amin'ny ambaratonga rehetra;
- Fandinihina ny fanatsarana ny abidia malagasy ankehitriny.

**2° Momba ny teny vahiny**

- Malalaka ny fampiasana ny teny vahiny eto Madagasikara;
- Ampirisihina ny hifehezan'ny Malagasy teny vahiny araka izay safidiny;
- Araka ny voka-pikarohan'ny manampahaizana momba ny teny (psycholinguistes), tsy tokony hanomboka alohan'ny taona fahatelo amin'ny fianarana ambaratonga fototra ny fampianarana teny vahiny ny zaza. **Azo atao tsara ny mampihatra ny fampianarana mampiasa ny fimaroanteny mifototra amin'ny teny malagasy (éducation multilingue fondée sur la langue maternelle).**

AKADEMIA MALAGASY : **Fomba fanisana**

Notapahin'ny Mpikambana Mahefa (fivoriana manokana 24 jolay 2018) fa "Tononina sy soratana avy any ankavia miankavanana, manomboka amin'ny sokajin'isa lehibe indrindra, ary midina miandalana hatrany amin'ny sokajin'isa kely indrindra, ny fomba fanisana amin'ny teny malagasy."

Nanaovan'ny Akademia Malagasy fanambarana izany tamin'ny fivoriambe iombonana niantsoana mpanao gazety ny 26 jolay 2018.